



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana • Tanindrazana • Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-244

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY TALATA 16
MEY 2023 KA HATRAMIN'NY ALAKAMISY 1 JONA 2023**

Fivoriana faha-5
Natao ny
Alarobia 17 may 2023
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA : Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

MPITANTSORATRA : - Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe;
- Ramatoa Angele Solange

FOTOANA : Alarobia 17 Mey 2023, tamin'ny 11 ora sy 35 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA : Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 16 Mey 2023 ka hatramin'ny Alakamisy 1 Jona 2023.

Nitohy ny Alarobia 17 Mey 2023, tamin'ny 11 ora sy 35minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny fanatanterahana ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, ka niangavy ny Mpitantsoratra mba hamaky ny famintinana ny fivoriana nataon'ny "Conférence des Présidents".

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe, ka toy izao manaraka izao no fivakiny.

**FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS"
NY TALATA FAHA-16 MAY 2023**

Nivory ny Talata faha-16 Mey 2023 nanomboka tamin'ny 4 ora, talak'andro, ny «Conférence des Présidents».

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filohan'ny Antenimierampirenena mpisolo toerana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny «Conférence des Présidents» sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ny Birao Maharitra, ireo Filoham-baomiera, ireo Filoha sy solotenan'ny Vondrona Parlemantera sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan'Andriamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Biroa Maharitra tamin'ny fivoriana'izy ireo ny Talata faha-16 Mey tamin'ny 12 ora, atoandro.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory. Nivoitra tamin'izany ny fangatahan'ny Solombavambahoaka TSABOTOKAY Honoré, Filohan'ny «Commission de mise en accusation devant la Haute Cour de Justice» ny hampidirana amin'ny fandaharam-potoana manaraka ny fandinihana ireo tatitra vitan'izy ireo. Henatra sy fahafaham-baraka ho an'ny Antenimierampirenena, hoy izy, ny tsy fandraisana andraikitra amin'io adidy apetraky ny Lalàmpanorenana aminy io. Iangaviana arak'izany ireo Filohan'ny Vondrona Parلمانtera tsirairay avy hanentana ny Solombavambahoaka fa tena tsy mety izao zava-misy izao.

Toy izao àry ny volavolam-pandaharam-potoana tapaka tao amin'ny «Conférence des Présidents» ka handraisana fanapahan-kevitra farany mandritra ny fivoriambe hatao ny Alarobia faha-17 Mey 2023 manomboka amin'ny 9 ora, maraina.

ORDRE DU JOUR

Pour la période du **Mardi 16 Mai 2023** au **Jeudi 01 Juin 2023**

MARDI 16 MAI 2023

11H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent. *(Salle BP)*

15H 00 : Conférence des Présidents- *(Salle BP)*

MERCREDI 17 MAI 2023

09H 00 : SEANCE PLENIERE - *(Salle des séances)*

-Adoption de l'ordre du jour

11H 00 : COMMISSION PLENIERE - *(Salle des séances)*

Règlement Intérieur du Centre d'accueil et gestion organisationnelle du Palais de l'Assemblée Nationale.

VENDREDI 19 MAI 2023

09H 00 et 15H00: COMMISSION PLENIERE - *(CARTLON)*

Réunion du Réseau Parlementaire Africain sur les Flux Financiers Illicites et la Justice Fiscale(APNIFFT).

LUNDI 22 MAI 2023

10H 00 et 15H00 : SEANCE PLENIERE - *(Salle des séances)*

-Projet de Loi N° 003/2023 du 09 mars 2023 sur les Investissements à Madagascar.

MARDI 23 MAI 2023**09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS**

- **Commission des Finances et du Budget** (*Saisie au fond*)
- **Commission de l'Economie et de la Planification** (*Saisie pour avis*)
- **Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation** (*Saisie pour avis*)-(Salle BP)

-PROJET DE LOI n°001/2023 du 15 mars 2023 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Programme Africain de Financement de la Gestion des Risques de Catastrophes (ADRFi) à Madagascar, conclu le 17 janvier 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition) – (BAD / FAT).

MARDI 23 MAI 2023**15H 00 : SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)**

-PROJET DE LOI n°001/2023 du 15 mars 2023 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement additionnel du Programme Africain de Financement de la Gestion des Risques de Catastrophes (ADRFi) à Madagascar, conclu le 17 janvier 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition) – (BAD / FAT).

SEANCES PLENIERES - (Salle des séances)

RAPPORT D'ACTIVITES DU GOUVERNEMENT**MERCREDI 24 MAI 2023****A PARTIR DE 10H 00** : -PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT

- Ministre de la Défense Nationale.
- Ministre de la Sécurité Publique.
- Secrétaire d'Etat auprès du Ministère de la Défense Nationale Chargé de la Gendarmerie.

A PARTIR DE 15H 00 : - Ministre des Affaires Etrangères.

- Garde des Sceaux, Ministre de la Justice
- Ministre de l'intérieur et de la Décentralisation.

JEUDI 25 MAI 2023**A PARTIR DE 10H 00** : - Ministre de l'Aménagement du Territoire et des Services Fonciers

- Ministre des Mines et des Ressources Stratégiques.
- Secrétaire d'Etat en charge des Nouvelles Villes et de l'Habitat auprès de la Présidence de la République

A PARTIR DE 15H 00 : - Ministre de l'Economie et des Finances

- Ministre de l'industrialisation, du Commerce et de la Consommation
- Ministre de la Pêche et de l'Economie Bleue.

VENDREDI 26 MAI 2023

A PARTIR DE 10H 00 : - Ministre de la Jeunesse et des Sports

- Ministre de la Communication et de la Culture.
- Ministre du Développement numérique, de la Transformation digitale, des Postes et télécommunication.

A PARTIR DE 15H 00: - Ministre de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique.

- Ministre de l'Education nationale.
- Ministre de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle.

MARDI 30 MAI 2023

A PARTIR DE 10H 00: - Ministre du Travail, de l'Emploi, de la Fonction Publique et des Lois Sociales.

- Ministre de l'Artisanat et des Métiers.
- Ministre de la Population, de la Protection Sociale et de la Promotion de la Femme

MARDI 30 MAI 2023

A PARTIR DE 15H 00: - Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage.

- Ministre de l'Energie et des Hydrocarbures
- Vice-Ministre chargé de l'Elevage auprès du Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage

MERCREDI 31 MAI 2023

A PARTIR DE 10H 00: - Ministre de la Santé Publique

- Ministre de l'eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène.
- Ministre de l'Environnement et du Développement Durable.

A PARTIR DE 15H 00: - Ministre du Tourisme.

- Ministre des Transports et de la Météorologie
- Ministre des Travaux Publics.

JEUDI 01 JUIN 2023

10H 00 : Réunion des membres du Bureau Permanent. (Salle BP)

FICHE DE PRESENCE

CONFERENCE DES PRESIDENTS

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RASOLONJATOVO Honoré	Vice-Président
2	NAHARIMAMY Lucien Irmah	Vice-Présidente
3	RABENIRINA Maminiaina	Troisième Questeur

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
1	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
2	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
3	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD

PRESIDENT DE GROUPE PARLEMENTAIRE

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOM ET PRENOM
1	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimalona

Représentants du Gouvernement

- RASOANARIVO Haja Niaina Directeur de Cabinet de Ministre de la Communication et de la Culture
- RAMINOSO Arozoa Directeur de la Législation et du Contentieux Primature
- RAHALISON Adolphe Directeur des Affaires Juridiques-Ministère de la Communication et de la Culture

Nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny famintinana ny fivorian'ny «Conférence des Présidents», Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay ary nanambara fa hiroso amin'ny fanitsiana na fanamarihana momba izany ny mpivory.

Tsy nanana fanitsiana na fanamarihana mikasika «Conférence des Présidents» ny Solombavambahoaka.

Rehefa izany, nanome fitenenana ny solotenan'ny Governemanta ny tenany mba hanao ny fampahafantatra sy ny andraikitra sahaniny mba hahalalan'ny mpivory azy ireo.

Nandray fitenenana voalohany, Andriamatoa RASOANARIVO Haja Naina ary nambarany fa izy no Tale Kabinetran'ny Minisiteran'ny Fifandraisana sy ny Kolotsaina.

Andriamatoa RAMINOSOA Arozoa, «Directeur de la Législation et du Contentieux» ao amin'ny Primatiora.

Andriamatoa RAHALISOA Adolphe, «Directeur des Affaires Juridiques» ao amin'ny Minisiteran'ny Fifandraisana sy ny Kolotsaina.

Rehefa nandray fitenenana, Andriamatoa RASOANARIVO Haja Naina, taorian'izay, nambarany vao fa omaly hariva no nahafantatra ny volavolam-pandaharam-potoana vokatry ny Diniky ny Filoha natao ny Talata 16 Mey 2023 ny mpikambana ao amin'ny Governemanta. Nangataka ampanajana ny fandaminana ataon'ny Antenimierampirenena raha mety, hoy izy, mba hisy fisoloan-tena eo amin'ny samy Minisitry satria efa nisy fandaharam-potoana tsy azo ialana amin'ny fandehanana hamita iraka mankany ivelany izay mifanindry amin'ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena.

Taorian'ny fandaminana natao, tapaka fa ny tatitra tokony hataon'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta ny Alakamisy 25 Mey 2023, amin'ny 3 ora, tolak'andro dia ahemotra ny Talata 30 Mey 2023, amin'ny 10 ora, maraina. Ny tokony hatao ny Talata 30 Mey 2023, amin'ny 10 ora, maraina, kosa haroso ny Alakamisy 25 Mey 2023 manomboka amin'ny 3 ora, tolak'andro. Ny antony dia noho ny famitana iraka any ivelany hataon-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitatanam-bola.

Taorian'izay, nangataka fitenenana, Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery, nambarany fa tokony hampahafantatra ny Solombavambahoaka mialoha ireo Minisitry tsy afaka amin'ny fotoana hanaovany tatitry ny asa vitany mba hahafahana manamboatra ny fandaharam-potoana na eo amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izany na ho an'ny Solombavambahoaka ihany koa satria ain-dehibe ho an'ny firenena no hatrehina.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory ary nohamafisiny ny tokony hampahafantaran'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta mialoha raha misy ny tsy fahafahany manao ny tatitry ny asa vitany amin'izao fivoriana iarahana amin'izy ireo izao.

Tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra, nomarihiny koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 18 no nandany; tsy nisy nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 16 Mey 2023 ka hatramin'ny Alakamisy 1 Jona 2023.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nanambara ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany dia ny hisian'ny "commission plénière" hatao eny amin'ny "hôtel Carlton" ny Zoma 19 Mey 2023 amin'ny 9 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro, mombany "Réseau Parlementaire Africain sur les Flux Financiers Illicites et la Justice Fiscale (APNIFFT)". Rehefa izany, niangaviany hivoaka ny mpanatrika fivoriana satria hisy "commission plénière" hataon'ny Solombavambahoaka aorian'izao fivoriambe izao.

Niato tamin'ny 12 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona